



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

« **HO MORAMORA KOKOA NY HIDIRAN'NY RAMEVA AMIN'NY VODI-FANJAITRA NOHO NY HIDIRAN'NY MANAN-KARENA AMIN'NY FANJAKAN'ANDRIAMANITRA** » (MATIO 19, 24)
FPMA – SAP – ALAROBIA 15 MEY 2016

FAMPIDIRANA :

Voalazan'ireo Filazantsara synoptika telo (Matio 19, 24 // Marka 10, 25 // Lioka 18, 25). Eo anelanelan'ny filazana faharoa sy filazana fahatelo ny hahafatesan'i Jesosy no misy ity Teny nataon'i Jesosy ity amin'ireo Filazantsara telo ireo.

Ity andinin-tSoratra Masina ity dia Teny nataon'i Jesosy tamin'ny mpianany rehefa avy namaly ny fanontanian'ily mpanan-karena iray momba izay tsara tokony hataony hahazoany ny fiainana mandrakizay Izy : « *Ary, indro, nisy anankiray nanatona Azy ka nanao hoe : Mpampianatra ô [Na: (Mpampianatra tsara ô)], inona no tsara hataoko hahazoako fiainana mandrakizay* » ? (Matio 19, 16).

Rehefa niseho ny fahasrotan'ny handrosoan'ity mpanan-karena ity ho amin'ny toro-lalana nomen'i Jesosy azy (Matio 19, 21-22 manao hoe : « *Dia hoy Jesosy taminy : Raha te-ho tanteraka ianao, **mandehana**, amidio ny fanananao, ka omeo ny malahelo, dia hanana rakitra any an-danitra ianao ; ary **avia** hanaraka Ahy. Fa nony nandre izany teny izany ilay zatovo, dia niala tamin'alahelo izy, satria nanana fananana be) dia nanao izao fampianarana izao tamin'ny mpianany i Jesosy : *Dia hoy Jesosy tamin'ny mpianany : Lazaiko aminareo marina tokoa fa sarotra ny hidiran'ny manan-karena amin'ny fanjakan'ny lanitra. Ary hoy Izaho aminareo indray : **Ho moramora kokoa ny hidiran'ny rameva amin'ny vodi-fanjaitra noho ny hidiran'ny manan-karena amin'ny fanjakan'Andriamanitra*** (Matio 19, 23-24).*

Mitovitovy amin'izay ihany koa ny fitantaran'ny Filazantsara araka an'i Marka sy ny Filazantsara araka an'i Lioka ny tantara.

Raha vakiana na henoina maimaika ny Teny dia toa manohitra ny harena na manohitra ny mpanan-karena i Jesosy, ary toa manakana ny hidiran'ny mpanan-karena amin'ny Fanjakan'Andriamanitra mihitsy aza Izy. Ndeha àry isika haka fotoana hamakiantika izany Teny izany mba hahazoantsika bebe kokoa izay tena tiany hambara amintsika.

Fizarana 1 : INONA NO AMBARAN'NY TENIN'ANDRIAMANITRA MOMBA NY HARENA ?

1. Tsara ny harena raha vokatrin'ny asa tokoa izy :

1. 1. Tsara ny harena raha vokatrin'ny asan'ny olona izy :

« Ny haren' ny manan-karena no vohiny mafy » (Ohab. 10, 15a)
« Izay miasa ny taniny dia ho voky hanina » (Ohab. 12, 11a sy Ohab. 28, 19a),
« Fa izay mahavatra mitsimpona no mampitombo » (Ohab. 13, 11b),

1. 2. Kanefa tsara kokoa ny fahendrena :

a) Ny marina :

Ny *marina* izay lazaina eto dia ireo izay matahotra an'Andriamanitra ka mitandrina ny Didiny.

« Ho fiainana ny asan' ny *marina* » (Ohab. 10, 16a),
« Fa ny *marina* ho tahaka ny ravina maitso » (Ohab. 11, 28b).

b) Fahendrena sa harena ? :

Fantatrin'ny *marina* fa tsara lavitra ny fahendrena noho ny harena.

« Tsara ny mahazo fahendrena noho ny volamena ary tsara ny mahazo fahalalana noho ny volafotsy » (Ohab. 16, 16),
« Aleo ho tsara laza toy izay ho be harena ary tsara ny fitia noho ny volafotsy sy ny volamena » (Ohab. 22, 1).

2. Ratsy ny harena raha mampihataka amin'Andriamanitra :

2. 1. Mora mivadika ho sampy ny harena :

a) Mihevi-tena ho hendry satria manan-karena :

« Ny manan-karena manao azy ho hendry fa ny malahelo izay manan-tsaina dia hizaha toetra azy » (Ohab. 28, 11),
« Hatao inona re ity vola an-tanan' ny adala ? Hamidy fahendrena va ? : Tsy manan-tsaina izy » (Ohab. 17, 16),
Satria « Ny fahatahorana Ny TOMPO no fiandoham-pahalalana » (Ohab. 1, 7a).

b) Mora mahazo doka ny mpanan-karena :

« Ny malahelo dia halan' ny havany aza fa ny manan-karena no tian' ny maro » (Ohab. 14, 20).

2. 2. Mora tsy dia miraharaha loatra izay fomba nahazoana ny harena :

Hoy ny teny rentsika matetika : « Ny vola tsy manam-pofona » (tantara).
Hoy ny fitenintsika malagasy : « izay azo amin'ny makarakara dia mivoaka amin'ny kiloadoaka ».

Fa hoy kosa ny Tenin'Andriamanitra :

« Fa ho ota ny fitomboan' ny haren' ny ratsy fanahy » (Ohab. 10, 16b),

« Fa izay maimay ta-hanan-karena dia tsy maintsy hohelohina » (Ohab. 28, 20b).

Fizarana 2 : MANOHITRA NY MPANAN-KARENA TOKOA VE I JESOSY ?

1. Maro ireo mpanan-karena tantarain'ny Baiboly :

Ireo patriarka Abrahamana, Isaka ary Jakoba, dia tena nanan-karena tokoa.

I Josefa no nampanan-karena an'i Egipta tamin'ny fotoanan'ny kere.

I Davida sy i Salomona dia nomen'Andriamanitra harena hanampy ny fahendrena.

Ao koa ny tantaran'i Joba izay natahotra an'Andriamanitra, marina sy mahitsy teo imasony, ary nanan-karena be sady be fiantrana (cf. Joba 29 ohatra).

Ingahy Kornelio (Asa. 10, 2), kapiteny italiana, koa dia nanan-karem-be sy be fiantrana.

2. Misy mpanan-karena sady tsy miantra no manitsaka ny mahantra :

« Izay manome ny malahelo tsy hanan-java-mahory fa izay mitampi-maso hahazo ozona be » (Ohab. 28, 27b),

« Fitarainana no ataon' ny malahelo nefa ny manan-karena kosa dia mamaly mahery » (Ohab. 18, 23),

« Ny manan-karena dia manapaka ny malahelo ary izay misambotra dia mpanompon' ny mampisambotra » (Ohab. 22, 7),

« Izay mampahory ny malahelo dia mampitombo ny hareny (= ny haren' ilay nalahelo) fa izay manome ho an' ny manana kosa dia mampihena ny hareny » (Ohab. 22, 16).

I Ahaba sy Jezebela vadiny (1 Mpanj. 21) dia nangalatra ny tanin'i Nabota (nasainy nampangaina ho niteny ratsy an'Andriamanitra sy ny mpanjaka i Nabota ka notoraham-bato ary rehefa maty dia nalainy ho azy ny taniny izay efa nitsiriritiny ela) na dia voarara mazava ao amin'ny Lev. 25, 23 aza izany (« Ary ny tany tsy hatao varo-maty, satria Ahy ny tany fa vahiny sy mpivahiny amiko ianareo »).

Izao no ambaran'ny Salamo 49 : « Nahoana no hatahotra amin' ny andro fahoriana aho, nony manodidina ahy ny haratsian' ny mpamingana ahy, dia izay matoky ny hareny sy mirehareha amin' ny haben' ny fananany ? » (Sal. 49, 5-6). « Araka ny heviny dia ataony fa ho mandrakizay ny tranony, ary ny fonenany hahatratra ny taranaka fara mandimby; araka ny anarany no anononany ny taniny [Na : Ankalazaina ny anarany eny amin' ny tany maro]. Nefa na dia manana voninahitra aza ny olona, dia tsy maharitra izy ; tahaka ny biby izay samy tsy maintsy ho faty izy » (Sal. 49, 11-12). « Aza matahotra ianao, raha misy olona tonga manan-karena, ka mitombo ny voninahitry ny tranony fa tsy hitondra na inona na inona izy, raha maty; tsy mba hidina hanaraka azy ny voninahiny (Sal. 49, 16-17).

3. Anatra ho an'ny mpanan-karena :

3.1. Bokin'ny Ohabolana :

« Aza manosihosy ny malahelo, saingy malahelo izy ary aza dia manifakifa ny ory eo am-

bavahady fa Ny TOMPO anie ka hisolo vava azy amin' ny adiny ary hanimba ny ain' izay manimba azy » (Ohab. 22, 22-23).

3. 2. Soratr'i Paoly ho an'i Timoty :

Hoy koa i Paoly amin'i Timoty zanany ara-panahy : « Ary izay ta-hanan-karena dia latsaka amin' ny fakam-panahy sy ny fandrika ary ny filàna maro tsy misy antony sady mandratra, izay mandentika ny olona ao amin' ny fandranganana sy ny fahaverezana. Fa ny fitiavam-bola no fototry ny ratsy rehetra, koa ny sasany izay fatra-pitady izany dia efa voavily niala tamin' ny finoana ka nanindrona ny tenany tamin' ny alahelo be. Fa ianao kosa, ry lehilahin' Andriamanitra, mandosira izany zavatra izany, ka miezaha mitady fahamarinana, toe-panahy araka an' Andriamanitra, finoana, fitiavana, faharetana, fahalemam-panahy » (1 Tim. 6, 9-11).

Mbola ny 1 Tim. 6 ihany no anoratan'i Paoly ho an'i Timoty hoe : « Anaro ny mpanan-karena amin' izao fiainana ankehitriny izao mba tsy hiavonavona, na hatoky ny harena miovaova [Gr. fioavovan' ny harena], fa Andriamanitra izay manome antsika malalaka ny zavatra rehetra mba hifaliantsika, mba hanao soa, mba hanan-karena amin' ny asa tsara, hazoto manome sy miantra, ka dia hihary fanorenana tsara ho an' ny tenany ho amin' ny andro ho avy, mba hihazonany ny tena fiainana » (1 Tim. 6, 17-19).

3. 3. Tenin'i Jesosy :

Hoy i Jesosy raha nitony teny : « Aza mihary harena ho anareo etỳ an-tany, izay misy kalalao sy harafesina manimba, sady misy mpangalatra manamitrano sy mangalatra. Fa miharia harena ho anareo any an-danitra, izay tsy misy kalalao na harafesina manimba, sady tsy misy mpangalatra manamitrano na mangalatra. Fa izay itoeran' ny harenao, dia ho any koa ny fonao (Mat. 6, 19-21).

Tsy manohitra na iza na iza i Jesosy, eny na dia ny mpanan-karena aza. Fa mananatra ny olona rehetra kosa Izy ka mampitandrina indrindra ireo izay tsy maniry zava-dehibe mihoatra ny harena. Hoy Izy : « Tsy misy olona mahay manompo tompo roa fa ny anankiray ho halany, ary ny anankiray ho tiany ; na ny anankiray hombany, ary ny anankiray hohamavoiny. Tsy mahay manompo an' Andriamanitra sy Mamôna [Mamôna = harena] ianareo » (Mat. 6, 24).

Manome toky sy mampahery koa Izy amin'ny fampianarana fototra omeny : « Ary noho izany dia lazaiko aminareo hoe : Aza manahy ny amin' ny ainareo, dia izay hohaninareo na izay hosotroinareo, na ny amin' ny tenanareo, dia izay hotafinareo. Moa ny aina tsy mihoatra noho ny hanina va, ary ny tena noho ny fitafiana ? Tsinjovy ny voro-manidina, fa tsy mba mamafy, na mijinja, na mitaona ho any an-tsonmpitra ireny ary ny Rainareo, Izay any an-danitra, mamelona azy. Moa tsy mihoatra lavitra noho ireny va ianareo ? Ary iza ao aminareo, na dia manahy aza, no mahay manampy ny andro hiainany [Na : Ny halavan' ny tenany] na dia kely monja [Gr. Hakiho iray] aza ? Ary nahoana no manahy ny amin' ny fitafiana ianareo ? Diniho tsara ny fanirin' ny voninkazo [Karazan' ny lilia] any an-tsaha : tsy mba miasa na mamoly ireny nefa lazaiko aminareo fa na dia Solomona tao amin' ny voninahiny rehetra aza tsy mba nitafy tahaka ny anankiray amin' ireny. Ary raha ny ahitra any an-tsaha, izay any ihany anio ka hatsipy ao am-patana rahampitso, no ampitafin' Andriamanitra toy izany, tsy mainka va ianareo, ry kely finoana ? Dia aza manahy ianareo ka manao hoe : Inona no hohaninay ? na : Inona no hosotroinay ? na : Inona no hotafinay ? Fa izany rehetra izany

dia katsahin' ny jentilisa fatratra fa fantatry ny Rainareo, Izay any an-danitra, fa tokony ho anareo izany rehetra izany. Fa katsaho aloha ny Fanjakan'ny sy ny Fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany. Ary amin' izany dia aza manahy ny amin' ny ampitso ianareo fa ny ampitso hanahy ny azy. Ampy ho an' ny andro ny ratsy miseho ao aminy » (Mat. 6, 25-34).

Fizarana 3 : ENDRIKIN'NY FANJAKAN'ANDRIAMANITRA

« Izay matoky ny haren'ny dia ho lavo » (Ohab. 11, 28a).

Tsy ny mpanan-karena no tsy eken'i Jesosy, Mpanjakan'ny Fanjakan'ny lanitra, hiditra ao. Fa izay mametraka ny fatokisany rehetra ao amin'ny haren'ny no tsy mba hanana anjara amin'ny Fanjakan'Andriamanitra. « Ary Jesosy nijery manodidina ka nanao tamin' ny mpianany hoe : Manao ahoana ny hasarotry ny hidiran' ny manan-karena amin' ny fanjakan' Andriamanitra ! Ary ny mpianatra dia gaga tamin' ny teniny. Fa Jesosy namaly indray ka nanao taminy hoe: Anaka, manao ahoana ny hasarotry ny hidiran' ny matoky ny harena amin' ny fanjakan' Andriamanitra » (Marka 10, 23-24) !

Satria ny Fanjakan'Andriamanitra dia fanjakan'ny fifampiantrana sy ny fifampitsimbina, eny fanjakan'ny fifankatiavana.

- I Jesosy tenany dia nanao izany sady nampianatra izany : « Ary rehefa ren' i Jaona tao an-trano-maizina ny asa nataon' i Kristy, dia naniraka ny mpianany izy hanao aminy hoe: Hianao va Ilay ho avy, sa mbola hafa no andrasantsika ? Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Mandehana ianareo, ka ambarao amin' i Jaona izao renareo sy hitanareo izao : Mahiratra ny jamba, ary afaka ny mandringa ; dioovina ny boka, ary malady ny marenina ; atsangana ny maty, ary ny malahelo dia itoriana ny Filazantsara » (Mat. 11, 2-5).
- Tantara kely iray : Nentin'i Jesosy nankany an-danitra hono ity olona iray. Nasehon'i Jesosy azy tany ny helo sy ny Paradisa. Rehefa niverina tety an-tany izy dia izao no notantarainy : Mitovitovy ihany, hoy izy, ny fahitana ny helo sy ny Paradia amin'ny voalohany. Samy feno olona ao, samy feno sakafo.
 - ✓ Fa ny ao amin'ny helo dia olo-malahelo satria noana : tsy ny sakafo no tsy misy, hoy izy, fa tena feno sakafo tokoa ao. Saingy nohalavaina ny tanan'izy ireo ka dia lasa lava dia lava tokoa ary tsy afaka miforitra ahamahanany ny tenany intsony ka dia noana izy ary reraka sy malahelo.
 - ✓ Mitovy amin'izay ihany koa ny natao tamin'ireto olona ao amin'ny Paradisa ireto fa nohalavaina koa ny tanany ka dia lasa lava dia lava tokoa. Fa nifamahana daholo izy ireo ka dia voky tsara daholo ary miramirana aoka izany ny tarehiny ary tena iainanany ny fifaliana mandrakizay.

Ilaina koa anefa ny fanetren-tena sy ny fankatoavana. « Tamin' izany ora izany dia nankeo amin' i Jesosy ny mpianatra ka nanao hoe : Iza moa no lehibe indrindra ao amin' ny fanjakan' ny lanitra ? Ary Jesosy niantso zazakely anankiray hankeo aminy, dia nametraka azy teo afovoany ka nanao hoe : Lazaiko aminareo marina tokoa : Raha tsy miova [Gr. mitodika] ianareo ka ho tonga tahaka ny zazakely, dia tsy hiditra amin' ny Fanjakan' ny lanitra mihitsy ianareo. Koa na zovy na zovy no hanetry tena tahaka ity zazakely ity, dia izy no ho lehibe indrindra amin' ny Fanjakan' ny lanitra » (Mat. 18, 1-4).

Mba hahafahana miaina izany dia mila ankasitrahana sy ankatoavina ny Didy nomen'i

Jesosy : « Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo; eny, aoka ho tahaka ny nitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa. Izany no hahafantaran' ny olona rehetra fa mpianatro hianareo, raha mifankatia » (Jao. 13, 34-35). Hoy i Jesosy : « Tsy izay rehetra manao amiko hoe : Tompoko, Tompoko, no hiditra amin' ny Fanjakan' ny lanitra fa izay manao ny sitrapon' ny Raiko Izay any an-danitra » (Mat. 7, 21).

FAMARANANA :

Ny Fanjakan' Andriamanitra dia ho an' izay :

- tsy manao ny haren'ny ho sampiny, ho andriamanitra tompoiny, ka mitoky fatratra amin' izany sy mikatsaka izany fatratra na dia manalavitra azy amin' Andriamanitra aza izany,
- manaiky am-pahendrena fa fiantran' Andriamanitra azy no nahazoany izany harena izany,
- mankasitraka an' Andriamanitra ka mampiasa ny haren'ny rehetra hitiavany sy hanampiany ary hanohanany ny hafa.

Farany, tadidio ry havana, fa tsy ny vola ihany no harena anananao. Ao koa ny herinao, ny fahaizanao, ny fotoananao, ny fitaovana anananao, ... sns ... dia izay anananao rehetra.

Voninahitra anie ho an' Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina izay Azy hatramin' ny taloha indrindra ka ho Azy maharitra mandrakizay. Amen !

Ho aminareo anie ny Fiadanana ! Amen !

Pasteur Donald GIZY,
FPMA Annemasse.

Annemasse, 15 jiona 2016.